# Ilay Voa Tsara Nafafy 20 Jona 2018

**20** **Alarobia**
jona

**Aza matahotra ianao, fa efa nanavotra anao Aho ; efa niantso ny anaranao Aho, Ahy ianao.** Isaia 43. 1

**Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray, no tsy mandao ny sivy amby sivifolo any an'efitra ka mandeha hitady ilay very mandra-pahitany azy ? ary rehefa hitany iny, dia ataony eo an-tsorony, ka dia faly izy.** Lioka 15. 4-5

## Tokana, tsy azo soloina

Endrika sahiran-tsaina, anikeheo, ny an'i Haingo, niteny tamin'ny reniny hoe :

„Neny a, maty teo amin'ny hazofijaliana ny Tompo Jesosy mba hamonjy ireo izay mino Azy. Kanefa marobe ny olona mino Azy, tahaka ahy, ka manontany tena aho hoe *izaho* ve tena notiaviny marina ?"

Hoy ny reniny namaly ny zanany : „Haingo a, manana anadahy iray sy rahavavy iray ianao. Dia heverinao ve ny fitiavanay anao izao fa ampahatelon'ny ho nitiavanay anao, raha ianao irery no zanakay ?

— An an an ! mazava ho azy.

— Marina izany. Tianay ianao satria zanakay, tsy manova na inona na inona amin'izany ny isan'ny iray tam-po aminao. Ianao no Haingo-nay, ary na dia manan-janaka hafa aza izahay, dia tokana ianao, tsy azo soloina. Rehefa zaraina ny mofo, dia arakaraka ny maha maro ny olona no maha kely ny anjaran'ny tsirairay. Fa ny fitiavan'ny Tompo kosa, tsy mba zaraina toy ny fizara mofo. Ny fitiavany dia fitiavan'Andriamanitra, tsy mba misy fetra. Marina fa maro ny mpino, saingy tsy mampihena ny fitiavany ny tsirairay izany. *Ianao*, nitia anao ny Tompo Jesosy. Tiany ho eo anilany any an-danitra ianao. Fa mba hahatanteraka izany, dia tsy maintsy esorina *ireo fahotanao*. Voasazy teo amin'ny hazofijaliana Izy, nisolo toerana anao, noho *ireo fahotanao*. Ary ankehitriny dia Azy ianao, Haingo-ny, *tokana, tsy azo soloina*...

Ondriny ianao, ary Izy no Mpiandry *anao* (Salamo 23. 1). Raha very ny *iray* amin'ny ondriny, na dia mbola misy 99 aza eo, dia lasa izy mandeha mikaroka *ilay ondriny* iray izay. Aminy dia *tokana, tsy azo soloina*, io ondriny io."

Ilay Mpamonjintsika dia tia manokana ny olony tsirairay, ary ny mpino tsirairay dia samy manana zo hiteny am-pahatokiana, toy ny apostoly Paoly, hoe : „Ny Zanak'Andriamanitra ... efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy" (Galatiana 2. 20).